



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana · Tanindrazana · Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-192

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-
PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY
ALAKAMISY 12 MEY 2022 KA HATRAMIN'NY ALAROBIA 1 JONA 2022**

Fivoriana Faha-4
Natao ny
Talata 17 Mey 2022
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA:- Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera
- Andriamatoa RABENIRINA Maminiana Solondraibe

FOTOANA: Talata 17 Mey 2022, tamin'ny 3 ora sy 55 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy 12 Mey 2022 ka hatramin'ny Alarobia 1 Jona 2022.

Nitohy ny Talata 17 Mey 2022, tamin'ny 3 ora sy 55 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RABENIRINA Maminiana Solondraibe.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany izany Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanamarika fa nivoaka ny Gazety Bokin'ny Antenimierampirenena, mitondra ny lohateny hoe AKO laharana faha-6 izay milaza ny vaovao sy mampita ny zavatra tsara ho fantatra momba ny Andrimpanjakana misy ny Solombavambahoaka. Niangaviany ny olom-boafidy mba haka ny anjarany any amin'ny tompandraikitra mizara izany sady mba hazoto hamaky ny zava-boarakitra ao anatin'ny.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza eo ambony ny tenany ary ny niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents" ny Talata 17 Mey 2022.

Nanatontosa izany, Andriamatoa RABENIRINA Maminiana Solondraibe, Kestora faha-III, ka toy izao no fivakin'izany:

FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY TALATA 17 MEY 2022

Nivory ny Talata 17 Mey 2022, nanomboka tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ny Birao Maharitra, ireo Filoham-baomiera, ireo Filoha sy ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alakamisy 12 Mey 2022 tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory. Nitana anjara toerana lehibe nandritra ny adihevitra ny tokony hampidirana na tsia ao anaty fandaharam-potoana ny «Proposition de loi n°004-2021/PL du 19 octobre 2021 modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy, présentée par Madame MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc, Députée élue dans le District de Tsihombe, Présidente de la Commission Genre et Développement».

Tapaka fa andrasana ny fanamarihana (observation) izay hataon'ny Governemanta ny Alarobia 18 Mey 2022, mba hahafahana mandinika azy tsara. Hampidirina amin'ny fandaharam-potoana manomboka ny 1 Jona 2022 io Tolo-dalàna io.

Tao koa ireo fanovàna madinika nentin'ny «Conférence des Présidents» tamin'ny Volavolam-pandaharam-potoana nodiniana.

Toy izao ny Volavolam-pandaharam-potoana tapaka tao amin'ny «Conférence des Présidents» ka handraisana fanapahan-kevitra farany mandritra ny fivoriambe hatao ny Talata 17 Mey 2022 manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro. (Jereo ny tovana)

MEMBRES DU BUREAU PERMANENT

N°d'ordre	NOM ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle	Vice-Président
3	RAHELIHANTA Jocelyne	Vice-Président
4	RAHANTANIRINA Lalao	Vice-Président
5	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
6	RABENIRINA Maminiaina	Deuxième Questeur

PRESIDENTS DES COMMISSIONS

N°d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOM ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission des Ressources Stratégiques	MOHAMAD Ahmad	IRD
02	Commission des Affaires Etrangères	RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian	IRD
03	Commission des Finances et du Budget	ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy	IRD

04	Commission de l'Energie et de l'Eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
05	Commission Juridique	IDEALSON	IRD
06	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
07	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD
08	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
09	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales	FIAROVANA LOVANIRINA Célestin	IRD
10	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc	GPR
11	Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques	JOHASY Eléonore	GPR

PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N°d'ordre	GROUPES PARLEMENTAIRES	NOMS ET PRENOMS
1	GPR	DARKHAOUI Siritis
2	IRD	VELONTSARA Paul Bert
3	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA

REPRESENTANT DES GROUPES PARLEMENTAIRES

N°d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOM ET PRENOMS
1	GPR	MILAVONJY Andriasy Philobert

Représentant du Gouvernement: Yamicole Franckline

ORDRE DU JOUR

Pour la période du Jeudi 12 Mai 2022 au Mercredi 01 Juin 2022

JEUDI 12 MAI 2022

10H 00: **Réunion des membres du Bureau Permanent.** (Salle BP)

MARDI 17 MAI 2022

10H 00: **Conférence des Présidents** - (Salle BP)

15H 00: **SEANCE PLENIERE** - (Salle des séances)

-Adoption de l'ordre du jour

TRAVAUX DES COMMISSIONS

MERCREDI 18 MAI 2022

09H 00: -Commission des Finances et du Budget (*Saisie au fond*)

-Commission de l'Economie et de la Planification (*Saisie pour avis*)

-Commission de l'Energie et de l'Eau (*Saisie pour avis*)

-Commission des Transports et de la Météorologie (*Saisie pour avis*) - (Salle BP)

- Projet de loi n°026/2021 du 15/12/2021 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Energie Electrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 Novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI).

JEUDI 19 MAI 2022

09H 00: -Commission du Genre et du Développement (*Saisie au fond*)

-Commission de la Population et de la Protection Sociale (*Saisie pour avis*)

-Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales (*Saisie pour avis*)

-Commission Juridique (*Saisie pour avis*)- (Salle BP)

-PROPOSITION DE LOI n°007-2021/PL sur la participation des femmes aux postes de décision, présentée par Madame RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Députée de Madagascar élue dans le District d'Ambatofinandrahana.

SEANCES PLENIERES - (*Salle des séances*)

LUNDI 23 MAI 2022

10H 00: -PROPOSITION DE LOI n°007-2021/PL sur la participation des femmes aux postes de décision, présentée par Madame RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Députée de Madagascar élue dans le District d'Ambatofinandrahana,

15H 00: -Projet de loi n°026/2021 du 15/12/2021 autorisant la ratification de l'Accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Renforcement et d'Interconnexion des Réseaux de Transport d'Énergie Électrique à Madagascar PRIRTEM I, conclu le 29 Novembre 2021 entre la République de Madagascar et la Banque Européenne d'Investissement (BEI).

MARDI 24 MAI 2022

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

- Commission de l'Agriculture et du Développement Rural (*Saisie au fond*)
- Commission Juridique (*Saisie pour avis*)- (*Salle BP*)

- Projet de loi n°020/2021 du 24 Novembre 2021 sur l'Agrégation agricole

15H 00: Rapport de mission: 51^{ème} Assemblée plénière du FP SADC du 22 avril au 02 mai 2022 à Johannesburg présenté par les membres de la délégation. (***Salle des séances***)

Rapport de mission: Travaux de la Commission de l'Éducation, de la Communication et des Affaires Culturelles (CECAC).

Travaux du Réseau des femmes parlementaires et du Réseau des jeunes parlementaires Papeete (Polynésie française), du 19 au 22 avril 2022 par la délégué de l'Assemblée nationale. (***Salle des séances***)

MERCREDI 25 MAI 2022

09H 00: - Création effective et organisation de travail de la commission d'enquête parlementaire sur la flambée des prix des Produits de Première Nécessité (PPN) et des matériaux de construction.

- RESOLUTION N°008-2021/PR du 01 Décembre 2021, (Représentants de chaque groupe parlementaire)- (*Salle BP*)

VENDREDI 27 MAI 2022

09H 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS

-Commission Juridique (*Saisie au fond*)

-Commission des Ressources Stratégiques (*Saisie pour avis*)- (*Salle des séances*)

-PROPOSITION DE RESOLUTION n°001-2021/PR portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar présentée par le Député Mohamad Ahmad, élu à Fénérive-Est, et consorts

SEANCES PLENIERES - (*Salle des séances*)

LUNDI 30 MAI 2022

10H 00:-Projet de loi n°020/2021 du 24 Novembre 2021 sur l'Agrégation agricole

MARDI 31 MAI 2022

10H 00:-PROPOSITION DE RESOLUTION n°001-2021/PR portant création d'une Commission d'enquête parlementaire sur le trafic d'or à Madagascar présentée par le Député Mohamad Ahmad, élu à Fénérive-Est, et consorts. (*Salle BP*)

MERCREDI 01 JUIN 2022

10H 00: Réunion des membres du Bureau Permanent. (*Salle BP*)

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiany ny tatitra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory.

Tsy nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana, ka avy hatrany dia niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny fivoriambe.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana Solombavambahoaka miisa 30 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alakamisy 12 Mey 2022 ka hatramin'ny Alarobia 1 Jona 2022.

Tsy nanan-kambara ny solotenan'ny Governemanta, raha nomena fitenenana, fa fisaorana no natolony ny mpivory tamin'ny fahalanian'ny fandaharam-potoana teo.

Taorian'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Mpitarika fivoriana. Nambarany fa ny Alarobia 18 Mey 2022 sy ny Alakamisy 19 Mey 2022 dia hisy ny Asam-baomiera samy manomboka amin'ny 9 ora, maraina avokoa araka ny hita ao amin'ny fandaharam-potoana vao lany teo.

Nanentana ny Solombavambahoaka voakasik'izany mba havitrika hamonjy fivoriana no namaranany ny teniny.

Niato tamin'ny 4 ora sy 20 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona